INO MALAZA N°11 DESAMBRA 2016

MATOAN-DAHATSORATRA

MATOAN-DAHATSORATRA

Dia mitohy foana ny tantara …

Hatramin'ny fiantombohan'ny fanamboaran-dalana ho an'ny Fihaonana faratampon'ny Firenena miteny frantsay, dia amin'ny alina ihany no mitatitra ny fakon'ny orinasa ny fiarabe mba hahafahan'ny mpitaona tany anotofan-dalana mivezivezy ny antoandro. Zara raha matory, noho izany, ny fianakaviana eny Andramiarana fa miandry ny fandalovan'ireo fiarabe ireo. Talohan'ny 17 Oktôbra dia mba nisy vitsivitsy ihany nandalo ny antoandro. Sahiran-tsaina ny fianakaviana : hijanona hitady hanin-kohanina ve sa hamonjy ny 17 Oktôbrana ? Na teo aza izany dia nanapa-kevitra nandeha tany ihany ry zareo.

Ny 22-27/11 no nanatontosana ny Fihaonana fara-tampony teto Antananarivo. Tsy resahina insony izao ny fanamboaran-dalana. Nanapa-kevitra manko ny Governemanta fa haato aloha io ka dia manohy ny fiainany andavanandro ny mponina, saingy haharitra hafiriana izany? Dia hiaina anaty tebiteby lava izao ve ny fianakaviana?

Marcelline Ramanantsara

– Matoan-dahatsoratra : “mandry tsy lavo loha” mandrakariva ny Fianakaviana eny Andramiarana

– Akon’ny 17 Oktôbra: filalaovana an-tsehatra ny fijoroana vavolombelon’ny fianakaviana

– Fandraisan’ny ekipan’Antananarivo mpiana-draharaha 4: handalina bebe kokoa ny toe-tsain’ny Fikambanana

– Tetikasa fianarana maka sary miaraka amin’ny Fikambanana STENOP’ART: fanamafisana ny fifankatiavana, firaisan-kina ary fahalalan’ny ankizy

– Fanadiovana ny tanànan’Antohomadinika : Asa nifanakonan’ny mponina sy ny Fikambanana nahatonga risi-po sy finiavana.

– Fiaraha-miasa tamin’ny MMM :fandraisana anjara tamin’ny varotra fampisehoana nandritra ny Fihaonana Faratampon’ny tany miteny frantsay nampirehareha ireo mpanao asa tanana.

– Fitokanana ny “CLIC ATD Quart Monde”: fifanekem-piaraha-miasa amin’ny tranomboky hahafaha-manavao ny boky sy hahazoana fiofanana

– Fitsidihan’ny Solontem-paritra an’i Toliara sy fanaovam-beloma an’i Gaudefroi.

Download Malgache